ce 15-01-21
sce PV
CRA n° 103

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

ASSEMBLEE NATIONALE
ANTENIMIERAMPIRENENA

**REPOBLIKA FAHAEFATRA**

**FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA**

**FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA FAHAROA**
**TAONA 2020**

---

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

# FAMINTINANA NY FIVORIAMBE

**LAHARANA FAHA-103**

**FANDINIHANA SY FANDRAISANA FANAPAHAN-KEVITRA MIKASIKA NY TOLO-DALÀNA:**

**- laharana faha-006-2020/PL « Complétant et modifiant certaines dispositions des Lois de n°2003-008 du 05 Septembre 2003 et n°95-023 du 06 Septembre 1995, portant Statuts des Enseignants-Chercheurs et Chercheurs- Enseignants de l'Enseignement Supérieur et de la Recherche Scientifique »; natolo-dRamatoa RASOAZANANERA Marie Monique Ernestine, Solombavambahoaka voafidy tao amin'ny Distrikan'Ambositra**

**- laharana faha-007-2020/PL "fixant le régime d'autonomie des Universités" Ramatoa RASOAZANANERA Marie Monique Ernestine, Solombavambahoaka voafidy tao amin'ny Distrikan'Ambositra sy Andriamatoa RASOLONIAINA Robert, Solombavambahoaka voafidy tao Mananara Avaratra.**

Fivoriana faha-17
Natao ny
Alarobia 9 Desambra 2020
- Atoandro -

**FIVORIAMBE**

**FILOHA :** Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

**MPITANTSORATRA :** Andriamatoa isany:
- RABENIRINA Maminiaina Solondraibe
- RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle

**FOTOANA :** Alarobia 9 Desambra 2020, tamin'ny 12 ora sy 50 minitra, atoandro.

**FANDAHARAM-POTOANA:** Fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny Tolo-dalàna:
- laharana faha-006-2020/PL « Complétant et modifiant certaines dispositions des Lois de n°2003-008 du 05 Septembre 2003 et n°95-023 du 06 Septembre 1995, portant Statuts des Enseignants-Chercheurs et Chercheurs- Enseignants de l'Enseignement Supérieur et de la Recherche Scientifique »; natolo-dRamatoa RASOAZANANERA Marie Monique Ernestine, Solombavambahoaka voafidy tao amin'ny Distrikan'Ambositra
- laharana faha-007-2020/PL "fixant le régime d'autonomie des Universités" Ramatoa RASOAZANANERA Marie Monique Ernestine, Solombavambahoaka voafidy tao amin'ny Distrikan'Ambositra sy Andriamatoa RASOLONIAINA Robert, Solombavambahoaka voafidy tao Mananara Avaratra.

Nitohy ny Alarobia 9 Desambra 2020, tamin'ny 12 ora sy 50 minitra, atoandro, ny fivorian'ny Antenimierampirenena.
Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona, Filohany no nitarika izany.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory, Ramatoa Filoha dia niangavy ny Mpitantsoratra hanao ny fiantsoana anarana.

Nanatanteraka izany Andriamatoa RABENIRINA Maminiaina Solondraibe.

Taorian'izay, nisaotra ny Mpitantsoratra tamin'ny nanatontosany izany, Ramatoa Filoha ary nampahatsiahy ny fandaharam-potoana izay fivoriambe handinihana sy handraisana fanapahan-kevitra momba ireo Tolo-dalàna miisa roa voalaza eo ambony.

Taorian'izay, niangavy ny Mpampakateny, Ramatoa Filoha, mba hamaky ny tatitra mikasika ny Tolo-dalàna laharana faha-006-2020/PL, ka Andriamatoa RASOLOMANANA Beby Olivier no nanatanteraka izany, ka toy izao no fivakiny.

Nivory ny Alarobia 2 Desambra 2020 tamin'ny 10 ora sy 30 minitra, maraina, ny Vaomiera mitambatra nahitana ny Vaomieran'ny Fampianarana Ambaratonga Ambony sy ny Fikarohana Siantifika ary ny Vaomieran'ny Asam-panjakana sy ny Asa ary ny Lalàna Sosialy, nandinika Tolo-dalàna laharana faha-006-2020/PL « complétant et modifiant certaines dispositions des Lois n°2003-008 du 05 septembre 2003 et n°95-023 du 06 septembre 1995, portant Statuts des Enseignants-chercheurs et Chercheurs-enseignants de l'Enseignement Supérieur et de la Recherche Scientifique » natolotry ny Solombavambahoaka

RASOAZANANERA Marie Monique Ernestine izay voafidy tao amin'ny Distrikan'Ambositra. Andriamatoa RASOLONIAINA Robert, Filohan'ny Vaomieran'ny Fampianarana Ambaratonga Ambony sy ny Fikarohana Siantifika no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka tonga nanatrika ny fivoriana,
Ramatoa sy Andriamatoa isany:
01 RASOLONIAINA Robert
02 ANDRIAMAMPANDRY Todisoa
03 ANDRIAMANALINARIVO R. M Jocelyn
04 FIAROVANA Lovanirina
05 RASOAZANANERA Marie Monique Ernestine
06 RASOLOMANANA Beby O.

Nisolotena ny Governemanta Ramatoa sy Andriamatoa isany:

| | | |
|---|---|---|
| 01 | ASSOUMACOU Elià Béatrice | Min. MESupReS |
| 02 | RAVELOMANANA Mamy | Président de l'Université d'Antananarivo |
| 03 | RANDRIAMIALINORO Faliarivony | Président national SECES |
| 04 | MASINDRAZANA Graziella | SG/SECES Antananarivo |
| 05 | JEANNODA Victor | Conseiller Technique |
| 06 | RAVELONIRINA Sammy Grégroire | Président SECES Antananarivo |
| 07 | RANARIVONY Alain | Conseiller SECES Antananarivo |
| 08 | BEZARA Fanomeza Julio | MESupReS/ Chef SLDC |
| 09 | ANDRIAMARO Rotsinavalona | MESupReS/ Chargé d'Etude SLDC |
| 10 | MAHAVITA Nassif | MESupReS/ Chef Protocole |

Rehefa avy niarahaba ny mpivory Andriamatoa Filoha dia nomeny an-dRamatoa Sombavambahoaka mpanolotra ny Tolo-dalàna ny fitenenana mba hanazavany ny antonantony mahakasika izany.

Teny ampiandohana dia nilaza Ramatoa Solombavambahoaka, fa ny Tolo-dalàna dia niarahana namolavola tamin'ny SECES, noraisina teto amin'ny Antenimierampirenena ary nalefa tany amin'ny Primatiora ary izao tonga eto amintsika mba hodinihan'ny Solombavambahoaka.

Nandritra ny fanolorana ny Tolo-dalàna no nanazavany, fa ny Lalàmpanorenan'ny Repoblika faha-4 dia nanavaka ny Sata sy ny rafitry ny Oniversite amin'ny antokon-draharaham-panjakana na «établissement public» hafa ary nametraka mazava tsara ny Sata manokana mifehy ny mpampianatra mpikaroka sy ny mpikaroka mpampianatra eo anivon'ny fampianarana ambony sy ny fikarohana.

Nambarany tamin'izany ihany koa fa ny fanovàna ny Lalàna laharana faha-95-023 tamin'ny 6 Septambra 1995 sy ny laharana faha-2003-008 tamin'ny 5 Septambra 2003 mahakasika ny Sata mifehy ny mpampianatra mpikaroka sy ny mpikaroka mpampianatra dia tohin'ny Fanapahan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana laharana faha-10-HCC/D3 tamin'ny 3 Jolay 2020 mikasika ny rijan-teny mamehy ireo antokon-draharaham-panjakana sy ny Oniversite miankina amin'ny fanjakana.

Ankoatr'izany, noho ny fivoaran'ny toe-draharaha misy eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena sy ny fisian'ny fifaninanana eo amin'ny fampianarana ambony sy ny fikarohana ara-tsiansa dia tsy azo ivalozana ny fanovàna ny rafitra eo amin'ny sehatra nasionaly mba hanatratrarana ny «excellence». Mandray anjara betsaka amin'izany ny mpampianatra mpikaroka sy ny mpikaroka mpampianatra.

Ny fanovàna ny rafitra ho LMD no natao mba hamaliana io fanatsarana ny rafitra io. Izany dia mitaky fomba fiasa vaovao, fanatsarana sy fanaovana tsy maty paik'andro na «mise-à-jour» ny zo sy adidy ananan'ny mpampianatra mpikaroka sy mpikaroka mpampianatra.

Mizara andininy roa ny Tolo-dalàna, ny andininy voalohany dia ahitana ireo fanovàna izay nentina tamin'ny Lalàna laharana faha-95-023 tamin'ny 6 Septambra 1995 sy ny laharana faha-2003-008 tamin'ny 5 Septambra 2003 ary ny andininy faharoa dia mahakasika ny famoahana azy any amin'ny Gazetim-panjakana.

Toy izao ny fanovàna nentin'ny andininy voalohany ao amin'ny Tolo-dalàna:

- Ny Andininy faha-18 (vaovao) dia manazava fa misy fepetra ny fahafahana miditra ho «Assistant d'Enseignement Supérieur ou Assistant de recherches».

- Ny Andininy faha-25 (vaovao) dia mametraka ny rafitra an-tànan-tohatry ny mpampianatra mpikaroka sy mpikaroka mpampianatra ka nampidirana ny «Professeur émérites» ho isan'izany.

- Ny Andininy faha-26 (vaovao) dia milaza ny fepetra takiana amin'ny fanendrena ho «Professeurs ou Directeurs de recherche associés».

- Ny Andininy faha-27 (vaovao) dia mitanisa ireo mason-tsivana takiana amin'ny fanendrena ho "Professeurs titulaires" na «Directeurs de recherche» sy «Professeurs émérites»

- Ny Andininy faha-29 (vaovao) dia manazava ny mahakasika ny karama sy ny tambin-karaman'ireo mpampianatra mpikaroka sy mpikaroka mpampianatra.

- Ny Andininy faha-31 dia mamaritra fa amin'ny alalan'ny didy amam-pitsipika (voie réglementaire) ary araka ny «grade, classe, échelon» no fitsinjarana ny mari-karaman'ireo mpampianatra mpikaroka sy mpikaroka mpampianatra eny amin'ny Fampianarana Ambony sy ny Fikarohana Ara-tsiansa.

- Ny Andininy faha-33 (vaovao) dia milaza ny tokony hisitrahan'ny mpampianatra mpikaroka sy mpikaroka mpampianatra ny «prestations familiales» sy ny fanaovana «reclassement».

- Ny Andininy faha-60 (vaovao) dia milaza ny fomba tokony hataon'ireo mpampianatra mpikaroka sy mpikaroka mpampianatra hahazoana «maintien» hatramin'ny faha-70 taonany, ankoatra ny «Professeur émérites».

- Ny Andininy faha-65 dia milaza ny vola fisotroan-drononon'ireo mpampianatra mpikaroka sy mpikaroka mpampianatra izay manana sata «retraités chercheurs» ka nantsoina hanohy ny asa fikarohana eny amin'ny fampianarana ambony sy ny fikarohana.

- Ny Andininy faha-66 dia manazava ny handraisana Didim-panjakana ho fampiharana ny Tolo-dalàna raha misy ilana izany.

- Ny Andininy faha-67 dia milaza fa foana avokoa ny fepetra rehetra teo aloha izay mifanohitra amin'ity Lalàna vaovao ity.

Ny Andininy faharoa ao amin'ny Tolo-dalàna dia mampahafantatra, fa ny Lalàna vaovao dia avoaka amin'ny Gazetim-panjakana ary ampiharina ho Lalàna velona eto amin'ny tany sy ny fanjakana.

Rehefa izany dia natolotr'Andriamatoa Filoha ny teknisiana ny fitenenana mba hitondrany ireo fanamarihana mahakasika ny Tolo-dalàna laharana faha-006-2020/PL. Nandritra izay dia nilaza ireo teknisiana fa misy fanitsiana eo amin'ny endrika (forme) ny Tolo-dalàna toy ny Lohateny sy ny andininy voalohany. Manaraka izany, nitondrana fanovàna ihany koa teo amin'ny votoatin'ny (fond) andininy voalohany ao amin'ny Tolo-dalàna, izay hita ao amin'ny andininy faha-26, 27, 33, 60, 65, 66 (vaovao).

Rehefa izany dia niroso tamin'ny fanontaniana sy fanamarihana ny mpivory.

**<u>Fanontaniana</u>:**

1- Mbola voakasik'ity Tolo-dalàna ity ve ireo efa voatendry ho «Assistants»?
2- Tokony ho tendrena «Professeurs ou Directeurs de recherche associés» ihany koa ve ireo «Agrégés en lettres»?
3- Inona no fenitra takiana eo amin'ny mpampianatra mpikaroka na Mpikaroka mpampianatra «stagiaires» ka hahatonga azy ho «titularisés», «redoublés» na «licenciés»?
4- Raha tsy mahafeno ireo teboka dimy voatanisa ireo ve dia misitraka ny «Professeurs émérites»?
5- Ahoana ny fiatraika eo amin'ny tetibolan'io Andininy faha-29 (vaovao) io?
6- Adihevitra ny mahakasika ny 15 taona nampianarana izay vao afaka manao «maintien», mbola voatazona ihany ve izy io?

**<u>Valiny:</u>**

1- Tsy misy ny «rétroactivité»-n'ny Lalàna, noho izany tsy voakasik'ity Tolo-dalàna ity intsony ireo efa voatendry ho «Assistants».
2- Mizara roa ny «Agrégation» dia ny «Agrégation secondaire» sy ny «Agrégation supérieur», ka tokony ho «Agrégation supérieur» no hotendrena ho «Professeurs ou Directeurs de recherche associés».
3- Ny Didim-pitondrana no mamaritra fa ny «collège des enseignants» no manapaka ny fanomezana ny «titularisations», «redoublements» ary ny «licenciements».

4- Tsy maintsy mahafeno ny teboka telo voalohany vao afaka misitraka ny «Professeurs émérites»
5- Tsy misy fandaniam-bola mihoapampana ao amin'ny kitapombolam-panjakana satria vola tsy maintsy aloa ihany io. Betsaka kokoa aza ny vola miala amin'ny fanjakana raha tsy anesorana hetra io noho ny «indemnité de recherche et des investigations»- n'ireo mpampianatra mpikaroka sy mpikaroka mpampianatra tsy maintsy azony aorian'ny faha-70 taonany.
6- Nofoanana ny 15 taona hahafahana manao «maintien» ka nankinina amin'ny «collège des enseignants» ny fanapahan-kevitra mikasika izany.

**Fanamarihana:**

1- Tokony hasiana vaomiera manokana handinika ny mikasika ny «enquête de moralité» ka tsara raha faritana mazava any anatin'ny Didim-panjakana ny fisian'izany.
2- Raha ho tazonina ihany ny taona hahafahana manao «maintien» dia tokony horaisina ny fe-potoana nanaovany «vacataire» miampy ny fotoana nahatafidirany ho mpampianatra mpikaroka na mpikaroka mpampianatra.
3- Mila hamoraina ny «procédure» ny «maintien» ary atao isaky ny telo taona no fanavaozana azy. Mbola hisy rijan-teny hatolotry ny Minisitera rehefa lany ity Tolo-dalàna ity.
4- Misy «critères (5 ans)» hapetraka ho an'ireo olona ho raisina, miaraka amin'ny «enquête de moralité».

Taorin'izany dia niroso tamin'ny fandaniana isan'andininy ao anatin'ny Tolo-dalàna ny mpivory.

- Lohateny : Lany nasiam-panitsiana (Jereo tovana)
- Andininy Voalohany : Lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (Jereo tovana)
- Andininy Faharoa : Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Rehefa izany dia niroso tamin'ny fandaniana ankapobeny tamin'ny Tolo-dalàna ny Vaomiera.

Noho ny tsy fahatrarana ny fetr'isa hahafahana manapakevitra dia naato 30 minitra ny fivoriana ho fanajana ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena.

Taorian'izay dia nolanian'ny Vaomieran'ny Fampianarana Ambaratonga Ambony sy ny Fikarohana Siantifika tamin'ny endriny nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna ny Tolo-dalàna laharana faha-006-2020/PL «complétant et modifiant certaines dispositions des Lois n°2003-008 du 05 septembre 2003 et n°95-023 du 06 septembre 1995, portant Statuts des Enseignants-chercheurs et Chercheurs-enseignants de l'Enseignement Supérieur et de la Recherche Scientifique» natolo-dRamatoa Solombavambahoaka RASOAZANANERA Marie Monique Ernestine, voafidy tao amin'ny Distrikan'Ambositra, ka hoentina eo anivon'ny fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra farany.

Nifarana tamin'ny 1 ora sy 15 minitra, tolak'andro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory Andriamatoa Filoha.

**TOVANA**

| **Version originale** | **Version amendée** |
|---|---|
| PROPOSITION DE LOI N°006-2020/PL Complétant et modifiant certaines dispositions des Lois n°2003-008 du 05 septembre 2003 et n°95-023 du 06 septembre 1995 portant Statuts des Enseignants-chercheurs et Chercheurs-enseignants de l'Enseignement Supérieur et de la Recherche Scientifique. | PROPOSITION DE LOI N°006-2020/PL **Modifiant et complétant** certaines dispositions des **Lois n°95-023 du 06 septembre 1995 et de la loi n°2003-008 du 05 septembre 2003** portant Statuts des Enseignants-chercheurs et Chercheurs-enseignants de l'Enseignement Supérieur et de la Recherche Scientifique. |
| **Article premier**- Les articles des lois n°2003-008 du 5 septembre 2003 et n°95-023 du 6 septembre 1995 ci-après sont modifiés et complétés comme suit:<br><br>**Article 26 (nouveau):**<br>Peuvent être nommés Professeur ou Directeurs de recherche associés, les maîtres de conférences ou maître de recherches, titulaires:<br>- d'une Habilitation à Diriger des Recherches;<br>- d'une Agrégation en sciences médicales, juridiques, économiques et de gestion;<br><br>**Article 27 (nouveau):**<br>Au terme de cet article, peuvent être nommées Professeurs titulaires ou Directeurs de recherche et Professeur émérites remplissant les conditions suivantes:<br>(…)<br><br>- les Professeurs émérites sont réservés aux titulaires ayant effectué la plupart des activités suivantes:<br><br>•Ayant encadré au moins quatre thèses de doctorat soutenues ou titre équivalent;<br><br>•Garant scientifique de travaux d'Habilitation à Diriger des Recherches présentés; | **Article premier**- Les articles des lois **n°95-023 du 6 septembre 1995 et n°2003-008 du 5 septembre 2003** ci-après sont modifiés et complétés comme suit:<br><br>**Article 26 (nouveau):**<br>Peuvent être nommés Professeur ou Directeurs de recherche associés, les maîtres de conférences ou maître de recherches, titulaires:<br>- d'une Habilitation à Diriger des Recherches;<br>- d'une Agrégation **de l'enseignement supérieur** en sciences médicales, **lettres, sciences humaines et sociale;**<br><br>**Article 27 (nouveau):**<br>Au terme de cet article, peuvent être nommées Professeurs titulaires ou Directeurs de recherche et Professeur émérites remplissant les conditions suivantes:<br>(…)<br>- les Professeurs émérites sont réservés aux titulaires ayant **obligatoirement** effectué **les trois (03) premiers sur la liste** des activités **ci-après**:<br>•Ayant encadré au moins quatre thèses de doctorat soutenues ou titre équivalent;<br>•Garant scientifique de travaux d'Habilitation à Diriger des Recherches présentés;<br>•Publication de quinze articles dans des revues ou journaux de |

| | |
|---|---|
| •Publication de quinze articles dans des revues ou journaux de notoriété internationale depuis l'intégration dans le corps des Enseignants-Chercheurs ou Chercheurs-Enseignants;<br><br>•Conception, gestion et réalisation de projets scientifiques, ou action scientifiques et/ou culturelle exceptionnelle;<br>•Appartenance à des comités scientifiques internationaux.<br><br>**<u>Article 33 (nouveau)</u>**:<br>Les enseignants et chercheurs de l'Enseignement supérieur bénéficient du régime général des prestations familiales applicables à tout fonctionnaire.<br>Le reclassement d'enseignant-chercheur ou chercheur-enseignant doit se faire <u>automatiquement</u>. La date d'effet dudit reclassement est à partir de l'obtention de son diplôme <u>quel que soit l'âge, même le jour de sa retraite définitive</u>.<br>**<u>Article 60 (nouveau):</u>**<br>Nonobstant, les dispositions de l'article 59(nouveau) de la Loi n°2003-008 ci-dessus, outre les Professeurs émérites, les enseignants-chercheurs et chercheurs-enseignants de l'enseignement supérieur et de la recherche scientifique peuvent, avec leur consentement ou sur demande et après avis favorable du collège des enseignants-chercheurs ou chercheurs-enseignants <u>du</u> <u>département</u> intéressé et du chef des <u>établissements</u> ou directeur de l'Institut de formation ou du Centre de recherche et sous réserve d'une visite médicale systématique tous les ans, assurer des activités pédagogiques et scientifiques jusqu'à l'âge de 70 ans. <u>La prolongation des activités citées ci-dessus jusqu'à l'âge de 70 ans doit faire l'objet d'une demande au début du maintien.</u> | notoriété internationale depuis l'intégration dans le corps des Enseignants-Chercheurs ou Chercheurs-Enseignants;<br>•Conception, gestion et réalisation de projets scientifiques, ou action scientifiques et/ou culturelle exceptionnelle;<br>•Appartenance à des comités scientifiques internationaux.<br><br>**<u>Article 33 (nouveau)</u>** :<br>Les enseignants et chercheurs de l'Enseignement supérieur bénéficient du régime général des prestations familiales applicables à tout fonctionnaire.<br>Le reclassement d'enseignant-chercheur ou chercheur-enseignant doit se faire **régulièrement**. La date d'effet dudit reclassement est à partir de l'obtention de son diplôme.<br><br>**<u>Article 60 (nouveau) :</u>**<br>Nonobstant, les dispositions de l'article 59(nouveau) de la Loi n°2003-008 ci-dessus, outre les Professeurs émérites, les enseignants-chercheurs et chercheurs-enseignants de l'enseignement supérieur et de la recherche scientifique peuvent, avec leur consentement ou sur demande et après avis favorable du collège des enseignants-chercheurs ou chercheurs-enseignants **de la mention** intéressé et du chef des **domaines** ou directeur de l'Institut de formation ou du Centre de recherche et sous réserve d'une visite médicale systématique tous les ans, assurer des activités pédagogiques et scientifiques jusqu'à l'âge de 70 ans. |

| | |
|---|---|
| <u>**Article 65 (nouveau):**</u><br>Les dispositions de l'article 65 de la Loi <u>19</u>95-023 du 5 septembre 1995 et ses conséquences sont et demeurent abrogées. Cependant cet article est remplacé par l'article 65 (nouveau).<br>La pension <u>des</u> enseignants-chercheurs ou chercheurs-enseignants ayant le statut de «retraités chercheurs» invités à continuer leurs activités de recherche au sein d'un Etablissement public d'enseignement supérieur ou de recherche <u>à partir de leur retraite définitive (70 ans) et nommés avant la date d'entrée en vigueur de la présente loi devrait être régularisée pour être conforme à l'Article 29 (nouveau) de ladite loi, à titre transitoire</u><br><br><u>**Article 66 (nouveau):**</u><br>Des <u>décrets</u> seront pris en tant que de besoin pour l'application de la présente loi. | <u>**Article 65 (nouveau):**</u><br>Les dispositions de l'article 65 de la Loi **n°**95-023 du 5 septembre 1995 et ses conséquences sont et demeurent abrogées. Cependant cet article est remplacé par l'article 65 (nouveau).<br>La pension **pour les** enseignants-chercheurs ou chercheurs-enseignants ayant le statut de «retraités chercheurs» invités à continuer leurs activités de recherche au sein d'un Etablissement public d'enseignement supérieur ou de recherche à partir de leur retraite définitive (70 ans) et nommés avant la date d'entrée en vigueur de la présente loi devrait être régularisée pour être conforme, **l'application de la présente loi prend effet à partir de la date de sa promulgation.**<br><u>**Article 66 (nouveau):**</u><br>Des **textes réglementaires** seront pris en tant que de besoin pour l'application de la présente loi. |

Rehefa avy nisaotra ny Mpampakateny tamin'ny famakiany ny tatitra, Ramatoa Filoha dia nilaza raha misy manana fanamarihana na fanitsiana mikasika izany, avy amin'ny Solombavambahoaka aloha izay vao ny solotenan'ny Governemanta.

Nilaza Andriamatoa ANDRIAMAMPANDRY Todisoa Manampy, rehefa nomena fitenenana, fa misy hadino kely tao amin'ny asam-baomera. Mikasika ny valim-panontaniana laharana faha-6, tokony hosoratana any amin'ny "texte règlementaire" ny fepetran'ny olona horaisina mpampianatra fa tsy hoe izay tian'ny «collège des enseignats» horaisina dia raisina.
Ao amin'ny pejy faha-4, eo amin'ny fanamarihana, tokony hampiana hoe: soratana mazava ao amin'ny "texte règlementaire" ny fepetran'ny olona horaisina, 5 taona nampianarana vao tokony horaisina. Nambarany fa efa noresahana tany amin'ny asam-baomiera izany saingy toa tsy tafiditra tao.

Nanambara, Ramatoa Filoha, fa mila amboarina kely ny rijan-teny, ka nangataka ny Sekretera Jeneraly mba handrafitra izany.

Rehefa tsy nisy nanana fanamarihana na fanitsiana mikasika ny tatitra intsony ny Solombavambahoaka, nomen-dRamatoa Filoha, ny solotenan'ny Governemanta ny fitenenana raha toa misy manana fanamarihana na fanitsiana mikasika ny tatitra izy ireo.

Ramatoa ASSOUMAKOU Elia Béatrice, Minisitry ny Fampianarana Ambony sy ny Fikarohana Siantifika no nanao fanamarihana fa misy diso tsipelina eo amin'ny fanontaniana faha-3 ao

amin'ny pejy faha-3, tokony hiala ny "e" amin'ny "redoublées". Ao amin'ny pejy faha-3 ihany, valim-panontaniana faha-3, fanomezana no tokony ho izy fa lasa fanomazana no voasoratra.
Eo amin'ny valim-panontaniana laharana faha-6 ao amin'ny pejy faha-4 kosa indray, "enquête de moralité" ho an'ny "Professeur émérite" ihany fa tsy ho an'ny fandraisana mpampianatra. Rehefa any amin'ny "maintien", tsy miresaka ny "enquête de moralité" intsony fa eo amin'ny fanomezan-dalana na hampiakatra Profesora iray ho "émérite" ihany no manao izany.

Ny fanazavana rehetra sy ny "critères" izay hapetraka amin'ny resaka "maintien" indray dia harafitra ao amin'izay rijan-teny hanaraka azy eo.

Taorian'izay, nanontany, Ramatoa Filoha, raha misy rijan-teny tokony harafitra na hamboarina ao amin'io valim-panontaniana faha-6 io.

Namaly, Ramatoa Minisitra fa mbola hisy zavatra maromaro sy «précision» hatao hanaraka ity Tolo-dalàna ity rehefa vita ny fandaniana azy. Tsy maintsy hisy Didim-panjakana na rijan-teny hampanarahana, hanazavana sy hanamorana ny fanatanterahana izay voarakitra rehetra ato anatin'ity Tolo-dalàna ity.

Taorian'izany, nanontany, Ramatoa Filoha, raha mbola misy manana fanamarihana na fanitsiana mikasika ny tatitra ny avy ao amin'ny Governemanta.

Rehefa tsy nisy nanana fanamarihana na fanitsiana mikasika ny tatitra intsony ny Governemanta dia nisaotra ny Mpampakateny, Ramatoa Filoha ary nanome alalana azy hamonjy ny toerany.

Talohan'ny nirosoana tamin'ny adihevitra ankapobeny, nomen-dRamatoa Filoha fitenenana ny Solombavambahoaka nanolotra ny Tolo-dalàna.

Raha nandray fitenenana Ramatoa RASOAZANANERA Marie Monique Ernestine dia nilaza fa tohin'ny "decision n°10-HCC/D3 du 3 juillet 2020" mifehy ny "établissement public", izany hoe mifehy ireo fianarana ambaratonga ambony ihany izy ity. Raha fintinina, "interprétation de l'article 95 de la Constitution" izy io. Nambarany koa fa maro ireo fanovàna tsy maintsy atao mba ahafahana mametraka ireo fenitra iraisam-pirenena eto amintsika, toy ny "système LMD" ka izay no antony nanaovana ity Tolo-dalàna ity. Efa fantatra fa misy ny «statut particulier» fa izay vao tena hisy lalàna hifehy azy io.

Nanentana ny Solombavambahoaka ihany koa ny tenany mba handany ity Tolo-dalàna natolony ity teo ampamaranana ny teniny.

Taorian'izay, nomen-dRamatoa Filoha fitenenana, Ramatoa Minisitra, mba ahafahany manampy fanazavana mikasika ity Tolo-dalàna ity.

Nilaza Ramatoa ASSOUMAKOU Elia Béatrice, Minisitry ny Fampianarana Ambony sy ny Fikarohana Siantifika, fa mamariparitra ny Sata mifehy ny mpampianatra-mpikaroka sy

mpikaroka-mpampianatra ity Tolo-dalàna ity. Voarakitra ao avokoa ny mikasika ny fandraisana mpampianatra; voaresaka ao koa ireo tombotsoan'ny mpampianatra rehetra. Hita ao koa ireo adidy sy andraikitra miandry ny mpampianatra-mpikaroka sy mpikaroka-mpampianatra.

Efa mazava tsara ao ihany koa ny resaka "grade" isaky ny ambaratonga rehetra toy ny "Assistant d'Enseignement Supérieur", "Maître de conférence", «Professeur d'enseignement», «Professeur titulaire» ary ny «Professeur émerite» mba ahafahana mametraka ny sata mifehy ny tsirairay.
Efa ela ihany no nipetraka ireo «statuts» ireo saingy maro ny zavatra niova sy iainana amin'izao fotoana izao amin'ny fanatanterahana ny asa.
Ny fanovàna ho "régime en LMD" amin'izao fotoana izao dia mampiova zavatra maro amin'ny fanatontosana ny andraikitry ny mpampianatra.

Izay no tombony lehibe momba ity Tolo-dalàna ity ary mba ahafahana manaraka sy mampanaraka ny toetr'andro amin'ny zava-misy iainan'ny mpampianatra-mpikaroka sy mpikaroka-mpampianatra amin'ny fanatanterahany ny asany.

Nambarany koa fa tsy mety intsony ny lalàna mifehy ny sata nisy teo aloha satria tsy mifanaraka amin'ny zava-misy amin'izao vanim-potoana izao, ka izay no matetika miteraka disadisa eo amin'ny fitondram-panjakana sy ireo "syndicat". Maro ny zavatra efa nilaozan'ny toetr'andro ary misy koa ny zavatra mifanipaka amin'izao fotoana izao. Ity Tolo-dalàna ity no heverina fa hitondra vahaolana amin'izany olana rehetra izany.

Rehefa avy nisaotra an-dRamatoa Minisitra, tamin'ny fanampim-panazavana nomeny Ramatoa Filoha dia nilaza fa hiroso amin'ny adihevitra ankapobeny ny mpivory ka nanomena fitenenana ny Solombavambahoaka.

Andriamatoa RAJOELINA Andriam-Harimanana Seth raha nomena fitenenana dia nilaza fa efa nanana olana mikasika ny zavatra voalaza teo ny mpampianatra ao Fianarantsoa. Mino aho, ho izy, fa hitondra vahaolana ity tolo-dalàna ity.
Nanentana ny Solombavambahoaka mba handany ny tolo-dalàna ny tenany satria tena ilaina izy ity.

Andriamatoa VELONTSARA Paul Bert kosa nilaza fa hamaha olana eny amin'ny Oniversite ity tolo-dalàna ity, ka mankasitraka ny asam-baomiera. Nanentana ny Solombavambahoaka handany ny tolo-dalàna koa ny tenany.

Taorian'izany, nanontany Ramatoa Filoha, raha handray fitenenana ny Filohan'ny Vondrona Parlemantera TIM sy ny Filohan'ny Vondrona Parlemantera GPR.

Rehefa tsy nisy nandray fitenenana ny Filohan'ny Vondrona Parlemantera, nilaza Ramatoa Filoha, fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny tolo-dalàna ny mpivory.

Nampahatsiahiviny, fa ahitana andininy roa ity tolo-dalàna ity saingy ny andininy voalohany misy andalana maro.

Lohateny: nolanian'ny Vaomiera nasiam-panitsiana

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 26 no nandany, tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha fa lany ny lohateny.

Andininy voalohany: lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 26 no nandany, tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha fa lany ny andininy voalohany.

Andininy Faharoa, lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Taorian'izay, nambaran-dRamatoa Filoha fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra ankapobeny momba ny tolo-dalàna ny mpivory.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 26 no nandany, tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha fa lany ny tolo-dalàna laharana faha-006-2020/PL «complétant et modifiant certaines dispositions des Lois de n°2003-008 du 05 Septembre 2003 et n°95-023 du 06 Septembre 1995, portant Statuts des Enseignants-Chercheurs et Chercheurs-Enseignants de l'Enseignement Supérieur et de la Recherche Scientifique» natolotry ny Solombavambahoaka RASOAZANANERA Marie Monique Ernestine, voafidy tao amin'ny Distrikan'Ambositra.

Taorian'izay, nomen-dRamatoa Filoha, fitenenana ny Solombavambahoaka nanolotra ny tolo-dalàna raha manan-kambara.

Zava-dehibe ho an'ny fampianarana ambony ity tolo-dalàna ity, hoy Ramatoa RASOAZANANERA Marie Monique Ernestine, rehefa nandray fitenenana, satria hitondra ny "paix sociale" eny amin'ny anjery manontolo ka nisaotra ireo Solombavambahoaka namany tamin'ny fandaniana.
Nambarany koa fa maro ny disadisa hita teny amin'ny Oniversite satria betsaka ny rijan-teny tsy mazava, ka antenaina fa hitondra vahaolana ity tolo-dalàna ity. Nohamafisiny koa fa rehefa milamina ny Oniversite dia milamina ny firenena satria eny no mamolavola ireo olona mpitantana eto amin'ny firenena.

Rehefa avy nisaotra an-dRamatoa RASOAZANANERA Marie Monique Ernestine, tamin'ny fanampim-panazavana narosony, Ramatoa Filoha dia nilaza fa hiroso amin'ny fandinihana ny

Tolo-dalàna laharana faha-007-2020/PL “fixant le régime d’autonomie des Universités” ny mpivory ary niangaviany ny Mpampakateny mba hamaky ny tatitra momba izany.

Andriamatoa RASOLOMANANA Beby Olivier no nanatanteraka izany, ka toy izao no fivakiny.

Nivory ny Talata faha-8 Desambra 2020 tamin’ny 12 ora, atoandro, ny Vaomieran’ny Fampianarana Ambaratonga Ambony sy ny Fikarohana Siantifika ary ny Vaomieran’ny Asam-panjakana sy ny Asa ary ny Lalàna Sosialy nandinika ny Tolo-dalàna laharana faha-007-2020/PL «fixant le régime d’autonomie des Universités» natolo-dRamatoa RASOAZANANERA Marie Monique Ernestine, Solombavambahoaka voafidy tao Ambositra sy Andriamatoa RASOLONIAINA Robert, Solombavambahoaka voafidy tao Mananara Avaratra.

Andriamatoa RASOLONIAINA Robert, Filohan’ny Vaomieran’ny Fampianarana Ambaratonga Ambony sy ny Fikarohana Siantifika, no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka tonga nanatrika ny fivoriana,
Ramatoa sy Andriamatoa isany:
01 RASOLONIAINA Robert
02 RASOAZANANIERA Marie Monique Ernestine
03 RAKOTONDRAVAO Georges
04 FIAROVANA Lovanirina Celestin
05 RASOLOMANANA Beby Olivier
06 RAMAMONJISOA Rakotonirina Jhon Whary

Nisolotena ny Governemanta kosa Ramatoa sy Andriamatoa isany:

| | | |
|---|---|---|
| 01 | ASSOUMACOU Elià Béatrice | Min. MESupReS |
| 02 | RAMANANKIERANA Heriniaina | DGRS MESupReS |
| 03 | JEANNODA Victor | CT MESupReS |
| 04 | RANDRIANALIJAONA T. Mahefasoa | SECES Antananarivo |
| 05 | BEZARA Julio | Chef SLDC MESupReS |
| 06 | RAVELONIRINA Sammy Grégroire | Président SECES Antananarivo |
| 07 | MAHAVITA Nassif | MESupReS/ Chef Protocole |

Taorian’ny fiarahabana nataon’Andriamatoa Filoha dia niroso tamin’ny fandinihana ny Tolo-dalàna ny mpivory ka nomena an-dRamatoa Minisitry ny Fampianarana Ambaratonga Ambony sy ny Fikarohana ara-tsiansa avy hatrany ny fitenenana.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory Ramatoa Minisitra dia nanambara fa raha tsiahivina, efa nandalo teto anivon’ny Antenimierampirenena tamin’ny Alarobia 2 Desambra 2020 ity Tolo-dalàna ity. Noho ny fisian’ny tsy fifanarahana teo amin’ny samy mpampianatra dia nangataka ny hanemorana ny fandinihana azy ny Solombavambahoaka.
Taorian’izay dia nisy ny fihaonana sy fifampidinihana ary fakan-kevitra nataon’ireo teknisiana tamin’ny Zoma lasa teo. Anisan’ny nasaina tamin’izany ny:

- Filohan’ny Oniversitem-panjakana 6;
- Filohan’ny SECES isam-paritra;
- Birao nasionalin’ny SECES;

- Lehiben'ny Sampam-pianarana rehetra;
- Mpitantana «Centre National de recherche (CNR)»;
- «Collectif des professeurs»

Marihana fa samy nanitsy sy nanehony heviny avokoa izy ireo mba ho fanatsarana ity Tolo-dalàna ity. Raha ny hevitry ny Governemanta dia tsy manakana ny fanovàna sy fanatsarana ity Tolo-dalàna ity izy ireo, fa tsy maintsy apetraka mazava tsara ny fitantanana ny volam-panjakana ary hajaina ny zavatra saro-pady eny amin'ny Oniveriste mba hikajiana sy hitandroana ny filaminana.

Nanambara Ramatoa Solombavambahoaka izay anisan'ny nanolotra ny Tolo-dalàna fa anisan'ny manamafy ny fizakan-tena (autonomie) izay efa niainan'ny Oniversite ny fanaovana ity Tolo-dalàna ity, ka tsara ny hirosoana amin'ny fandinihana azy.

Ny Filohan'ny Oniversite no nangataka tamin'ny HCDDED mahakasika ny «autonomie des universités» ka ity farany no nampita ny hafatra tany amin'ny HCC momba ny fangatahana ny Sata mifehy ny mpampianatra mpikaroka sy ny mpikaroka mpampianatra ary ny «Etablissements Publics d'Enseignement Supérieur» ka nivoaka ny «décision» laharana faha-10-HCC/D3 tamin'ny 3 Jolay 2020 izay manambara ny fizakan-tenan'ny Oniversite sy ny «Etablissements Publics d'Enseignement Supérieur» ary ny «Centres Nationaux de Recherche» sns…. Izay eo ambany fiahian'ny Minisiteran'ny Fampianarana Ambaratonga Ambony sy ny Fikarohana ara-tsiansa.

Ity Tolo-dalàna ity dia ahitana lohateny 4 izay mitsinjara ho andininy miisa 28.

Taorian'izany dia niroso tamin'ny fandinihana ny isan'andininy ny Vaomiera. Tapaka tamin'izany fa ny fanovàna ny Tolo-dalàna izay natolotry ny teknisiana no hodinihana.

Toy izao ireo fanontaniana nipetraka tao anatin'ny adihevitra nifanaovana:

1- Tsy mampisy ahiahy ny vahoaka ve io «suffrage universel» io? (andininy faha-9)
2- Afaka azavaina ve ny hoe «libertés universitaires»? (andininy faha-12)
3- Ahoana no ahafahana mampitovy ny Tetibola omena ny Oniversite tsirairay? (andininy faha-13)?
4- Misy mpianatra afaka «bacc» avy any amin'ny Faritra iray handranto fianarana any amin'ny Oniversite ivelan'ny Faritra niaviany ka tsy voaray, ahoana ny hevitry ny Minisitera manoloana izany?

Ireto avy ireo valim-panontaniana avy amin'ny teknisiana:
1- Efa napetraka mazava tsara fa ny 75%-n'ny vato dia natao ho an'ny mpampianatra fa ny ambiny kosa ho an'ny «Personnel Administratif et Technique» (PAT), natao izany mba tsy hisian'ny ahiahy eo amin'ny roa tonta ka hialana amin'ny fanilikilihana sy hisian'ny fifanatonana bebe kokoa.
2- Rehefa ao anatin'ny faritry ny Oniversite sy ny «Etablissements Publics d'Enseignement Supérieur» dia misy ny «franchise universitaire». Tsy tokony hisy ny fanitsakitsahana izany raha tsy nahazo alalana avy amin'ny Filohan'ny Oniversite izay

manafoana izany.
3- Miankina amin'ny isan'ny mpampianatra sy ny mpiasa ao aminy ary ny mpianatra mahazo vatsim-pianarana no amaritan'ny Fanjakana ny Tetibola natokana ho an'ny Oniversite iray. Noho izany dia tsy voatery hitovy ny Tetibolan'ireo Oniversite.
4- Tsy mitombina ny filazana fa tsy mandray mpianatra avy any amin'ny Faritra hafa ny Oniversite iray ary voararan'ny lalàna ny fanaovana izany.

Taorian'izany dia niroso tamin'ny fandaniana isan'andininy ny Vaomiera.

- Lohateny: lany nasiam-panovàna (Jereo tovana);
- Famelabelarana ny antonantony: lany tsy nasiam-panovàna sy tsy nasiam-panitsiana.

"TITRE I: DISPOSITIONS GENERALES": lany tsy nasiam-panovàna sy tsy nasiam-panitsiana.

- Andininy voalohany: lany nasiam-panovàna (Jereo tovana).
- Andininy 2: lany nasiam-panovàna (Jereo tovana).
- Andininy 3: lany nasiam-panovàna (Jereo tovana).
- Andininy 4: lany nasiam-panovàna (Jereo tovana).
- Andininy 5: lany nasiam-panovàna (Jereo tovana).
- Andininy 6: lany nasiam-panovàna (Jereo tovana).
- Andininy 7: lany nasiam-panovàna (Jereo tovana).

"TITRE II: DE L'AUTONOMIE ADMINISTRATIVE ET FINANCIERE DES UNIVERSITES": lany tsy nasiam-panovàna sy tsy nasiam-panitsiana.

- Andininy 8: lany nasiam-panovàna (Jereo tovana).
- Andininy 9: lany nasiam-panovàna (Jereo tovana).
- Andininy 10: lany nasiam-panovàna (Jereo tovana).
- Andininy 11: lany nasiam-panovàna (Jereo tovana).
- Andininy 12: lany nasiam-panovàna (Jereo tovana).
- Andininy 13: lany nasiam-panovàna (Jereo tovana).
- Andininy 14: lany nasiam-panovàna (Jereo tovana).
- Andininy 15: lany nasiam-panovàna (Jereo tovana).
- Andininy 16: lany nasiam-panovàna (Jereo tovana).
- Andininy 17: lany nasiam-panovàna (Jereo tovana).
- Andininy 18: lany nasiam-panovàna (Jereo tovana).
- Andininy 19: lany nasiam-panovàna (Jereo tovana).

"TITRE III: DE L'AUTONOMIE PEDAGOGIQUE ET SCIENTIFIQUE DES UNIVERSITES": lany nasiam-panovàna (Jereo tovana).

- Andininy 20: lany nasiam-panovàna (Jereo tovana).
- Andininy 21: lany tsy nasiam-panovàna sy tsy nasiam-panitsiana.
- Andininy 22: lany tsy nasiam-panovàna sy tsy nasiam-panitsiana.
- Andininy 23: lany nasiam-panovàna (Jereo tovana).
- Andininy 24: lany nasiam-panovàna (Jereo tovana).
- Andininy 25: lany nasiam-panovàna (Jereo tovana).

“TITRE IV: DISPOSITIONS FINALES”: lany nasiam-panovàna (Jereo tovana).

- Andininy 26: lany nasiam-panovàna (Jereo tovana).
- Andininy 27: lany nasiam-panovàna (Jereo tovana).
- Andininy 28: lany tsy nasiam-panovàna sy tsy nasiam-panitsiana.

Rehefa izay dia niroso tamin’ny fandaniana ankapobeny momba ny Tolo-dalàna ny Vaomiera.

Noho ny tsy fahatrarana ny fetr’isa ahafahana manapakevitra dia naato 30 minitra ny fivoriana ho fanajana ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena.

Taorian’izay dia nolanian’ny Vaomiera tamin’ny endriny nasiam-panovàna ny Tolo-dalàna laharana faha-007-2020/PL «fixant le régime d’autonomie des Universités» natolo-dRamatoa RASOAZANANERA Marie Monique Ernestine, Solombavambahoaka voafidy tao Ambositra sy Andriamatoa RASOLONIAINA Robert, Solombavambahoaka voafidy tao Mananara Avaratra, ka hoentina eo anivon’ny fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra farany.

Nifarana tamin’ny 3 ora sy 15 minitra, tolak’andro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory Andriamatoa Filoha.

**TOVANA**

| **VERSION ORIGINALE** | **VERSION AMENDEE** |
|---|---|
| PROPOSITION DE LOI n°007-2020/PL<br>fixant le régime d'autonomie des Universités<br><br>présentée par<br>la Députée RASOAZANANERA Marie Monique Ernestine,<br>élue à Ambositra | PROPOSITION DE LOI n°007-2020/PL<br>**sur l'autonomie des Universités et des Etablissements Publics d'Enseignement Supérieur et de Recherche Scientifique**.<br><br>présentée par<br>**les Députés** RASOAZANANERA Marie Monique Ernestine,<br>élue à Ambositra<br>**et**<br>**RASOLONIAINA Robert, élu à Mananara Avaratra** |
| TITRE I DISPOSITIONS GENERALES<br>Article premier: - Conformément aux dispositions de l'article 95 1.14 de la Constitution, la présente loi a pour objet de fixer le régime d'autonomie des universités. | TITRE I DISPOSITIONS GENERALES<br>Article premier: - Conformément aux dispositions de l’article 95 1.14 de la Constitution, la présente loi a pour objet de fixer **l’autonomie des Universités et des Etablissements Publics d'Enseignement Supérieur et de Recherche Scientifique (UEPESRS).** |

| | |
|---|---|
| Article 2: - Au sens de la présente loi, les universités sont des établissements publics nationaux d'enseignement supérieur et de recherche scientifique comprenant les instituts supérieurs, les centres nationaux de recherche et les universités proprement dites. Elles sont dotées de personnalité morale, jouissant d'autonomie pédagogique, scientifique, administrative et financière.<br>Les universités sont des établissements publics à caractères scientifique, technique, culturel et professionnel, dérogeant au régime juridique des établissements publics administratifs, prévu par la législation en vigueur. | Article 2 **(nouveau)**: **Les UEPESRS, dotés de personnalité morale, jouissant d'autonomie pédagogique, scientifique, administrative et financière, sui-generis, sont des établissements publics à caractères scientifique, technique, culturel et professionnel, dérogeant au régime juridique des établissements publics administratifs, prévu par la législation en vigueur.** |
| Article 3: Les Universités ont pour mission:<br><br>• la création, l'élaboration et la transmission de savoirs, de savoir-faire, de culture, de valeurs ancestrales, coutumes et mœurs dans le cadre de la formation initiale et/ou continue en vue de procurer à la nation des cadres répondant à ses besoins actuels et futurs;<br>• le développement de la recherche fondamentale et appliquée;<br>• au développement et à l'épanouissement de l'homme tant sur le plan intellectuel et physique que moral et éthique. | Article 3: - **Les UEPESRS ont pour missions:**<br>**3-1 Les Universités:**<br>- la création, l'élaboration et la transmission de savoirs, de savoir-faire, de culture, de valeurs ancestrales, coutumes et mœurs dans le cadre de la formation initiale et/ou continue en vue de procurer à la nation des cadres répondant à ses besoins actuels et futurs.<br>- le développement de la recherche fondamentale et appliquée;<br>- **la diffusion des savoirs et des cultures.**<br>**3-2 Les Instituts Supérieurs de Technologie (IST):**<br>**Les IST ont pour missions essentielles d'organiser les Enseignements et formations technologiques et professionnelles ainsi que la recherche technologique et recherche appliquée au développement.**<br>**3-3 Les Centres Nationaux de Recherche (CNR):**<br>**Les CNR ont pour missions globales de:**<br>- **Appuyer le développement social et économique du pays à travers la Recherche Scientifique qui implique** |

| | |
|---|---|
| | tous les secteurs d'activités et,<br>- **Collaborer avec les Universités et Institutions d'enseignement supérieur en matière de formation,**<br>- **Diffuser les connaissances scientifiques par la valorisation des résultats de recherche,**<br>- **Proposer des solutions aux besoins exprimés et identifiés, anticiper les problèmes et apporter des recommandations à titre de prévention,**<br>- **Exploiter les connaissances et transférer les technologies y afférentes vers le secteur productif.**<br>**3-4 Le Centre National de Télé-Enseignement de Madagascar (CNTEMAD):**<br>**Le CNTEMAD a pour mission principale de dispenser des enseignements par des moyens de correspondance et des moyens audiovisuels.**<br>**3-5 Les UEPESRS contribuent ainsi:**<br>- **à l'essor économique du pays et à son développement;**<br>- **à la promotion des cultures, des valeurs ancestrales, des coutumes et mœurs au sein de la société malagasy;**<br>- **au développement et à l'épanouissement de l'homme tant sur le plan intellectuel et physique que moral et éthique.** |
| Article 4: Les Universités sont pluridisciplinaires et regroupent diverses composantes dont:<br>• des Ecoles Doctorales Thématiques;<br>• des Domaines ou Facultés, Ecoles supérieures, Instituts Supérieurs d'enseignement;<br>• des Instituts, Centres et Laboratoires de Recherche;<br>• des Centres de Documentation et d'information. | Article 4: - Les Universités sont pluridisciplinaires et regroupent diverses composantes dont:<br>- des Ecoles Doctorales Thématiques **de Madagascar (EDTM)**;<br>- des Domaines ou Facultés, Ecoles **et Instituts;**<br>- des Centres et Laboratoires de Recherche;<br>- **des Unités et Centres de Formation et de Recherche (UFR et CFR);**<br>- des Centres de Documentation et d'Information. |

| | |
|---|---|
| Article 5: Le Ministère chargé de l'Enseignement Supérieur et de la Recherche Scientifique met en œuvre la Politique de l'Enseignement Supérieur et de la Recherche ainsi que la stratégie correspondante. | Article 5: - Le Ministère chargé de l'Enseignement Supérieur et de la Recherche Scientifique met en œuvre la Politique de l'Enseignement Supérieur et de la Recherche Scientifique ainsi que **les stratégies correspondantes.** |
| Article 6: Le Ministre en charge de l'Enseignement Supérieur et de la Recherche Scientifique préside la Conférence des Présidents des Universités et des Directeurs Généraux des Instituts Supérieurs de Technologie, instance de coordination de la mise en œuvre de la Politique et de la Stratégie de l'Enseignement Supérieur et de la Recherche Scientifique.<br>Au besoin, cette conférence est étendue aux responsables de Domaines et Centres Nationaux de Recherche.<br>La composition et les modalités de fonctionnement de cette conférence sont fixées par voie réglementaire. | Article 6: - Le Ministre en charge de l'Enseignement Supérieur et de la Recherche Scientifique préside la Conférence des Présidents des Universités et des Directeurs Généraux des Instituts Supérieurs de Technologie **et la Conférence des Directeurs de CNR,** instances de coordination de la mise en œuvre de la Politique et de la Stratégie de l'Enseignement Supérieur et de la Recherche Scientifique.<br>Au besoin, cette conférence est étendue aux responsables **cités à l'article 4, ainsi que le CNTEMAD.**<br>La composition et les modalités de fonctionnement de cette conférence sont fixées par voie réglementaire. |
| Article 7: La création d'une université se fait par décret après avis de la conférence des Présidents des universités (et des Directeurs Généraux des Instituts Supérieurs de Technologie et des Directeurs Généraux et Directeurs des Centres Nationaux de Recherche).<br>Lorsque qu'une Université n'a plus sa raison d'être, un décret pris en Conseil des Ministres peut prononcer sa liquidation. | Article 7: - La création **d'un élément de l'UEPESRS se fait par voie de décret sur proposition du Ministre en charge de l'Enseignement Supérieur et de la Recherche Scientifique après avis des instances concernées.**<br><br>**Lorsqu'un élément des UEPESRS n'a plus sa raison d'être, sa liquidation se fait par voie de décret pris en Conseil du Gouvernement.** |
| TITRE II<br>DE L'AUTONOMIE ADMINISTRATIVE<br>ET FINANCIÈRE DES UNIVERSITÉS<br><br>Article 8: Les universités sont placées sous la tutelle technique du Ministère en charge de l'Enseignement Supérieur et de la Recherche Scientifique.<br><br>Les universités sont gérées avec la | TITRE II<br>DE L'AUTONOMIE ADMINISTRATIVE ET FINANCIÈRE UNIVERSITES **ET DES ETABLISSEMENTS PUBLICS D'ENSEIGNEMENT SUPERIEUR ET DE RECHERCHE**<br>Article 8: - Les **UEPESRS sont placés** sous la tutelle du Ministère en charge de l'Enseignement Supérieur et de la Recherche Scientifique.<br>**Les UEPESRS sont gérés avec la contribution des organes délibérant (Conseil** |

| | |
|---|---|
| contribution de l'ensemble des personnels, des étudiants et de personnalités extérieures. | **d'Administration), exécutif (Présidence, Directions Générales et Directions) et d'instruction technique (Conseils Scientifiques respectifs) dont les nombres et les missions sont fixés par voie réglementaire.** |
| Article 9: Les présidents des universités, les directeurs des écoles doctorales thématiques, les responsables des équipes d'accueil doctoral, les directeurs généraux des instituts supérieurs, les directeurs généraux et directeurs des centres nationaux de recherche, les responsables des domaines sont élus au suffrage universel et nommés par décret en conseil des ministres.<br>Les membres du Conseil d' Administration d'université, les membres du Conseil Scientifique de l'Université, les membres du Conseil de domaine, les responsables de mention, les présidents de Collège des Enseignants ou des Chercheurs sont élus au suffrage universel et nommés par le président de l'université concernée. | Article **9**: - **Les modalités d'élection en suffrage universel et de nomination des hauts responsables des UEPESRS sont définies par voie réglementaire**<br>- |
| Article 10: Chaque Université, Ecole Doctorale Thématique, Institut Supérieur de Technologie, Centre National de Recherche, Ecole Supérieure et Faculté comprend en outre un Conseil Scientifique dont les attributions et la composition sont fixées par décret. | - Supprimé - |
| Article 11: Le Président de l'Université dirige le Conseil Scientifique de l'Université qui est l'instance académique suprême au sein de l'Université et dont les autres membres sont les Directeurs des Écoles Doctorales Thématiques, les Doyens de Faculté et les Directeurs d'Écoles ou d'instituts rattachés à l'Université et les représentants élus au sein de chacune de ces entités.<br><br>Le Directeur Général de l'Institut | Article **10**: **- Le Président de l'Université dirige le Conseil Scientifique de l'Université qui est l'instance académique suprême au sein de l'Université et dont les autres membres sont les Directeurs des Écoles Doctorales Thématiques de Madagascar, les Responsables de Domaines et les Directeurs d'Écoles ou d'Instituts rattachés à l'Université et les représentants élus au sein de chacune de ces entités.<br>Le Directeur Général d'Institut Supérieur de Technologie, le Directeur Général de la** |

| | |
|---|---|
| Supérieur de Technologie, le Directeur Général ou Directeur de Centre National de Recherche dirige le Conseil scientifique en leur sein respectif dont les membres sont fixés par voies règlementaires. | **Recherche Scientifique pour les Centres Nationaux de Recherche, le Directeur National du CNTEMAD, le Directeur de l'UFR, du CFR et des Instituts dirigent leur Conseil respectif dont la composition des membres est fixée par voie règlementaire.** |
| Article 12: Les responsables des universités, nommés par décret conformément à l'article 9 de la présente loi peuvent faire l'objet de destitution, par voie réglementaire, dans l'un des cas suivants:<br>- faute grave définie par voie réglementaire;<br>- incapacité physique ou mentale. | Article **11**: **- Les responsables des UEPESRS, nommés par décret conformément à l'article 9 de la présente loi peuvent faire l'objet de destitution, par décret pris en conseil des ministres, dans l'un des cas suivants:**<br>**- fautes graves définies par les textes en vigueur;**<br>**- incapacité physique ou mentale;**<br>**- démission.** |
| Article 13: L'État assure la garantie des libertés universitaires à tous les enseignants et les chercheurs des Universités dans le cadre de leurs activités d'enseignement et de recherche:<br>- les enseignants ne peuvent faire l'objet d'aucune poursuite judiciaire en raison des enseignements qu'ils dispensent, des recherches qu'ils effectuent ou qu'ils publient; ·<br>- les instances académiques au sein des universités ont toute liberté dans l'élaboration de leurs curricula. | Article **12**: - **L'État assure la garantie des libertés universitaires définies par des textes règlementaires, académiques et scientifiques à tous les enseignants et chercheurs des UEPESR dans le cadre de leurs activités d'enseignement et de recherche:**<br>**- les enseignants et chercheurs ne peuvent faire l'objet de poursuite judiciaire en raison des enseignements qu'ils dispensent, des recherches qu'ils effectuent ou qu'ils publient dans le respect de l'éthique et de la déontologie;**<br>**- les instances académiques au sein des universités ont toute liberté dans l'élaboration de leurs curricula.** |
| Article 14: Les universités sont dotées d'un budget autonome de fonctionnement dont la gestion est confiée au Président ou Directeur général ou Directeur.<br>Elles disposent pour l'accomplissement de leur mission, d'équipements, de personnel et de crédits attribués par l'Etat qui correspondent aux:<br>• salaires du Personnel Administratif | Article **13**: **- Les UEPESRS sont dotés d'un budget autonome de fonctionnement dont la gestion est confiée au Président ou Directeur général ou Directeur.**<br>**Ils disposent pour l'accomplissement de leur mission, d'équipements, de personnel et de crédits attribués par l'Etat qui correspondent aux:**<br>- **salaires du Personnel Administratif et Technique (PAT);**<br>- **indemnités pour les heures** |

| | |
|---|---|
| et Technique (PAT);<br>• indemnités pour les heures complémentaires (HC) dispensées par les enseignants chercheurs ou chercheurs-enseignants;<br>• bourses allouées aux étudiants;<br>• crédits de fonctionnement.<br>La loi des finances fixe pour chaque université le montant de ces ressources attribuées par l'Ftat.<br><br>Les universités peuvent également bénéficier de subventions octroyées par d'autres organismes étatiques. | **complémentaires (HC) dispensées par les enseignants-chercheurs ou chercheurs-enseignants;**<br>- **vacations pour les enseignants et chercheurs vacataires;**<br>- **bourses allouées aux étudiants;**<br>- **crédits de fonctionnement.**<br>**La loi des finances fixe pour chaque élément des UEPESRS le montant de ces ressources attribuées par l'Etat.**<br>**Il est nommé un comptable public (agent comptable) au sein des UEPESRS, par le Ministre chargé de l'Economie et des Finances, qui a pour rôle de vérifier et d'assurer la régularité de la procédure financière pour ce qui concerne les ressources fixées par la loi des finances plus haut, à l'exception des crédits de fonctionnement dont la gestion est définie dans l'article 16.** |
| | Article 14 **(nouveau): - Les UEPESRS peuvent recevoir de leurs partenaires des fonds d'aide en nature ou financière dont l'utilisation et la gestion doivent cependant faire l'objet de convention écrite entre les parties prenantes. Ils peuvent également bénéficier de subventions octroyées par d'autres organismes étatiques. Ces fonds d'aide constituent des ressources propres.** |
| Article 15: Outre ces dotations publiques, les universités disposent de ressources propres provenant notamment:<br>• des droits d'inscription versés par les étudiants;<br>• de la participation des bénéficiaires de la formation;<br>• de la vente des biens (brevet, ouvrage, produit de création, ... ) de dons et legs;<br>• des rémunérations de services;<br>• des droits de propriété intellectuelle;<br>• des divers fonds provenant de la coopération bilatérale, multilatérale ou internationale;<br>• de la participation des employeurs | Article 15: - Outre ces dotations publiques, les universités disposent de ressources propres provenant notamment:<br>- des droits d'inscription versés par les étudiants;<br>- de la participation des bénéficiaires de la formation;<br>- de la vente des biens (brevet, ouvrage, produit de création, …)<br>- **de dons et legs;**<br>- des rémunérations de services;<br>- des droits de propriété intellectuelle;<br>- des divers fonds provenant de la coopération bilatérale, multilatérale |

| | |
|---|---|
| au financement des formations technologiques et professionnelles;<br>• de contributions diverses issues des conventions de partenariat.<br>La gestion de ces ressources propres relève exclusivement de la responsabilité des présidents des universités ou des directeurs généraux des instituts supérieurs ou des directeurs généraux ou directeurs des centres nationaux de recherches. | ou internationale;<br>- de la participation des employeurs au financement des formations technologiques et professionnelles;<br>- de contributions diverses issues des conventions de partenariat.<br>La gestion de ces ressources propres relève exclusivement de la responsabilité des présidents des universités ou des directeurs généraux des instituts supérieurs ou des directeurs généraux ou directeurs des centres nationaux de recherches. **Et, le cas échéant, si les procédures des partenaires pourvoyeurs des fonds l'exigent, ladite gestion peut être directement affectée aux composantes des UEPESRS avec lesquelles la convention ou le partenariat est signé.** |
| Article 16: <u>Les universités et leurs composantes au sens de l'article 4 ci-dessus, sont soumises au contrôle administratif de l'enseignement supérieur et de la recherche et aux vérifications de l'inspection générale de l'Etat de manière inopinée et/ou périodique selon les besoins.</u><br><u>En outre, leurs comptes sont soumis au contrôle juridictionnel de la Cour des Comptes, contrôle portant notamment sur la politique des ressources humaines et financières des établissements.</u> | Article 16: **- Les ressources propres, les dons énumérés dans l'article 15 ainsi que les crédits de fonctionnement mentionnés dans l'article 14 sont gérés par les UEPESRS mais soumis à un contrôle systématique, défini par voie réglementaire, de l'Inspection Générale de l'Etat.** |
| Article 17: Les présidents des universités, les directeurs généraux des instituts supérieurs, <u>les directeurs généraux ou directeurs des centres nationaux de recherche sont autorisés à ouvrir auprès des banques primaires des comptes de dépôts de fonds au nom des universités correspondant à la gestion des ressources propres prévues à l'article 15 ci-dessus.</u><br><u>Ces comptes de dépôts peuvent comprendre des sous-comptes ouverts au nom de chaque composante des</u> | Article 17: - Les présidents des universités, les directeurs généraux des instituts supérieurs **de technologie, le directeur national du CNTEMAD, les directeurs généraux ou directeurs des centres nationaux de recherche, le Directeur de l'UFR et du CFR peuvent ouvrir auprès des banques primaires des comptes de dépôts de fonds au nom des UEPESRS correspondant à la gestion des ressources propres prévues à l'article 15 ci-dessus.**<br>**Ces comptes bancaires de dépôts peuvent comprendre des sous comptes ouverts au nom de chaque composante des UEPESRS.** |

| | |
|---|---|
| universités.<br><br>Sur délégation des présidents ou directeurs généraux ou directeurs, les responsables des différentes composantes des universités prévues à l'article 4 ci-dessus, gèrent leurs fonds propres et sont autorisés à subdiviser les sous comptes en d'autres sous comptes correspondant à des rubriques spécifiques à leur fonctionnement. | **Les responsables des différentes composantes des UEPESRS prévues aux articles 3 et 4 ci-dessus, gèrent leurs fonds propres et sont autorisés à subdiviser les sous comptes bancaires en d'autres sous comptes correspondant à des rubriques spécifiques à leur fonctionnement.** |
| Article 18: En cas de difficulté grave dans le fonctionnement des organes statutaires des universités publiques ou de défaut d'exercice de leurs responsabilités, le ministre chargé de l'enseignement supérieur et de la recherche scientifique peut prendre, à titre exceptionnel, toutes dispositions imposées par les circonstances.<br>Dans ces mêmes cas, les présidents, les directeurs généraux ou directeurs ont qualité pour prendre, à titre provisoire, les mesures conservatoires nécessaires après avoir consulté le conseil d'administration et les conseils scientifiques. | Article 18: **En cas de défaillance dans l'exercice de leurs fonctions ou de vacance de poste des organes statutaires des UEPESRS, le ministre chargé de l'enseignement supérieur et de la recherche scientifique peut prendre, à titre exceptionnel, toutes dispositions imposées par les circonstances.** |
| Article 19: Les droits de propriété intellectuelle détenus par l'Université soit par le biais de l'Établissement Public soit par la Fondation Universitaire deviennent en cas de dissolution propriétés exclusives de l'État. | Article 19: - Les droits de propriété intellectuelle détenus par **les UEPESRS**, par le biais de l'Établissement Public deviennent, en cas de dissolution, propriétés exclusives de l'État. |
| TITRE III<br>DE L' AUTONOMIE PÉDAGOGIQUE<br>ET SCIENTIFIQUE DES UNIVERSITÉS<br><br><br><br>Article 20: L'Etat garantit aux universités prévues par la présente loi ainsi qu'à leurs enseignants-chercheurs et chercheur-enseignant dans le cadre de leurs enseignements l'exercice de la franchise et la liberté universitaires et dote celles-ci des moyens nécessaires et adéquats pour le bon fonctionnement. | TITRE III<br>DE L'AUTONOMIE PÉDAGOGIQUE ET SCIENTIFIQUE DES UNIVERSITES **ET DES ETABLISSEMENTS PUBLICS D'ENSEIGNEMENT SUPERIEUR ET DE RECHERCHE**<br>Article 20: - **L'Etat garantit la franchise et la liberté universitaires.**<br>**L'Etat octroie des moyens nécessaires et adéquats pour le bon fonctionnement et la protection des biens des UEPESRS prévus par la présente loi, dans le cadre de leurs activités d'enseignement et de recherche.**<br>A l'égard des enseignants-chercheurs et |

| | |
|---|---|
| A l'égard des enseignants-chercheurs et chercheurs-enseignants, les universités doivent assurer les moyens d'exercer leur activité d'enseignement et de recherche dans les conditions d'indépendance et dans un environnement propice à la réflexion et à la création intellectuelle. | chercheurs-enseignants, les **UEPESRS** doivent assurer les moyens d'exercer leurs activités d'enseignement et de recherche **scientifique** dans les conditions d'indépendance et dans un environnement propice à la réflexion et à la création intellectuelle. |
| Article 23: Des formations d'intérêt spécifique ou régional, en collaboration avec des partenaires nationaux ou étrangers, peuvent être organisées au sein des universités. Selon leur nature, ces formations sont sanctionnées par un diplôme ou un certificat ou une attestation, | Article 23: - Des formations d'intérêt spécifique ou régional, en collaboration avec des partenaires nationaux ou étrangers, peuvent être organisées au sein des universités**, des IST et du CNTEMAD.** Selon leur nature, ces formations sont sanctionnées par un diplôme ou un certificat ou une attestation **dont les modalités d'octroi sont fixées par voie réglementaire**. |
| Article 24: Les universités sont autorisées à créer en leur sein une ou plusieurs fondations universitaires, non dotées de la personnalité morale, résultant de l'affectation irrévocable à l'établissement intéressé de biens, droits ou ressources apportés par un ou plusieurs fondateurs pour la réalisation d'une ou plusieurs œuvres ou activités d'intérêt général et à but non lucratif conformes aux missions du service public de l'Enseignement Supérieur et de la Recherche Scientifique.<br>Ces fondations disposent de l'autonomie financière. Les règles relatives aux fondations reconnues d'utilité publique s'appliquent aux fondations universitaires sous réserve des dispositions du présent article. ·<br>Les opérations de recette et de dépense effectuées au titre de chacune des fondations créées dans les conditions prévues au présent article respectent les actes constitutifs de chacune des fondations et, le cas échéant, les règles applicables aux comptes des fondations.<br>Les règles générales de fonctionnement de ces fondations sont déterminées par voie réglementaire. | - Supprimé - |

| | |
|---|---|
| Article 25: Pour garantir l'excellence de l'enseignement supérieur et de la recherche scientifique, les universités sont autorisées à créer des laboratoires ou des centres d'étude et des recherches au sein des établissements qui les composent. Les laboratoires ou centres d'étude et de recherche sont dirigés par des enseignants-chercheurs ou chercheurs-enseignants de rang magistral. | Article **24**: - **Pour garantir l'excellence de l'enseignement supérieur et de la recherche scientifique, les UEPESRS sont autorisés à créer des laboratoires ou des centres d'étude et de recherche au sein des établissements qui les composent. Les laboratoires ou centres d'étude et de recherche sont dirigés par des enseignants-chercheurs ou chercheurs-enseignants, de préférence, de rang magistral.** |
| TITRE IV<br>DISPOSITIONS FINALES | TITRE IV **DISPOSITIONS TRANSITOIRES ET FINALES**<br>Article 25 **(nouveau)**: - **A titre transitoire, les responsables élus en exercice finissent leur mandat même après la promulgation de cette présente loi.** |
| Article 26: Des décrets seront pris en tant que de besoin pour l'application de la présente loi. | Article 26: - Des **textes règlementaires** seront pris en tant que de besoin pour l'application de la présente loi. |
| Article 27: Sont abrogées les dispositions des textes contraires aux dispositions de cette loi. | Article 27: - Sont **et demeurent** abrogées les dispositions des textes **antérieurs** contraires aux dispositions de cette loi. |

Rehefa avy nisaotra ny mpampakateny, Ramatoa Filoha, nanontany ny mpivory raha toa misy manana fanamarihana na fanitsiana mikasika ny tatitra novakiana teo. Ny Solombavambahoaka aloha ary aorian'izay ny solotenan'ny Governemanta. Mbola tsy miditra amin'ny adihevitra ankapobeny aloha.

Nilaza Andriamatoa EDIZARD rehefa nandray fitenenana, fa misy fanitsiana tokony hatao ao amin'ny pejy faha-4, Lohateny faha-4, andininy faha-28. Lany tsy nasiam-panovàna sy tsy nasiam-panitsiana no tokony ho izy.

Taorian'izay, tsy nisy nanana fanamarihana sy fanitsiana mikasika ny tatitra intsony ny Solombavambahoaka ka nomen-dRamatoa Filoha, ny solotenan'ny Governemanta ny fitenenana raha manana fanamarihana na fanitsiana mikasika ny tatitra izy ireo.

Nilaza, Ramatoa ASSOUMAKOU Elia Béatrice, Minisitry ny Fampianarana Ambony sy ny Fikarohana Siantifika, fa manana fanamarihana maro mikasika ny tatitra ny tenany.
Ao amin'ny pejy faha-2, tsipika voalohany: Filohan'ny SECES isam-paritany no tokony ho izy satria lasa mifangaro amin'ny tsipika faharoa izany raha tsy voahavaka tsara.
Ao amin'ny pejy faha-2 ihany, tsipika faha-4, Mpitantana "centres nationaux" no tokony ho izy satria miisa 9 izy ireo, fa tsy "centre national".
Ao amin'ny pejy faha-2 ihany, andalana voalohany, misy tsy ampy ao satria "Etablissements Publics d'Enseignements Supérieurs" no tokony ho izy, fa tsy "Etablissement d'Enseignement Supérieur".

Ao amin'ny pejy faha-2 ihany, eo amin'ny valim-panontaniana faharoa avy amin'ny teknisiana, tokony hosoloina hoe: rehefa ao anatin'ny faritry ny Oniversite sy ireo "etablissements Publics d'Enseignements Supérieurs" dia misy ny "franchise universitaire".
Mikasika ny tovana indray, misy fanitsiana tokony hatao ihany koa ao.
Ao amin'ny pejy faha-6, "version amendée", article 3; 3-2, misy diso tsipelina ao, «essentielles» no tokony ho izy fa tsy «essentiel».
Ao amin'ny pejy faha-9, efa nofoanana tany amin'ny Asam-baomiera ny "article 10" ao amin'ny "version originale". Noho izany, lasa misy mifamadika ao.
"Article 11", ao amin'ny "version originale" izany no tokony hifanitsy amin'ny "article 10" amin'ny "version amendée". Nifandiso toy izany koa ny ao ambany rehetra. "Article 12: version originale" no tokony hifanitsy amin'ny "article 11, version amendée", "article 13, version originale" no tokony hifanitsy amin'ny "article 12, version amendée". "Article 14, version originale" no tokony hifanitsy amin'ny "article 13, version amendée". Ny "article 14, "version amendée" kosa dia "article" vaovao vao napetraka tany amin'ny Asam-baomiera satria tokony hatao miavaka tsara ny "ressources propres" sy ny famatsiam-bola avy amin'ny fanjakana eny amin'ny Oniversite.
Manomboka eo amin'ny "Article 15" kosa indray izy miverina milahatra.

Misy fanamarihana kely ihany koa ao amin'ny pejy faha-15; efa nofoanana tany amin'ny Asam-baomiera koa ny "article 24" ao amin'ny "version originale". Noho izany, ny "Article 25, version originale" no tokony hifanitsy amin'ny "article 24 version amendée" ary ny "article 26 version originale" no tokony hifanitsy amin'ny "article 25 version amendée".

Taorian'izay, nomen-dRamatoa Filoha, fitenenana ihany koa Andriamatoa RANDRIANARIJAONINA T. Mahefasoa, mpikambana ao amin'ny SECES, mba hitondra fanamarihana mikasika ny tatitra.

Nambarany fa misy zavatra tokony hahitsy ao amin'ny pejy faha-2, andininy faha-2, andalana faha-4; HCDDED no tokony ho izy fa tsy HCC satria ny Filohan'ny Oniversite no nangataka tamin'ny HCDDED ary ity farany indray no nampita izany fangatahana izany any amin'ny HCC.
Ao amin'ny pejy faha-6, 3-2 ao amin'ny "version amendée"; toy izao no tokony ho izy: «Les IST ont pour missions essentielles d'organiser les Enseignements et formations technologiques et professionnel**les** ainsi que la recherche technologique et **recherche** appliquée au développement».

Andriamatoa REVELONIRINA Sammy Gregoire, Filohan'ny SECES sampana Antananarivo, kosa rehefa nomen-dRamatoa Filoha fitenenana dia nilaza fa manana fanamarihana mikasika ny tatitra, ao amin'ny pejy faha-8. «Titre II» ao amin'ny "version amendée", misy hadino kely, ka tokony hosoloina toy izao: «DE L'AUTONOMIE ADMINISTRATIVE ET FINANCIERE **DES** UNIVERSITES ET DES ETABLISSEMENTS PUBLICS».
Ao amin'ny pejy faha-10, misy hadino ao amin'ny «article 11 version amendée", tokony hampiana "demission" ao. Izany hoe, ampiana tsipaka faha-3 raha mety.
Ao amin'ny pejy faha-11, «article 13 version amendée», «paragraphe» farany, andalana faharoa avy any ambany, "crédits de fonctionnements" no tokony ho izy fa tsy "credits fonctionnements".

Ao amin'ny pejy faha-11 ihany, andalana faha-2 ao amin'ny «article 14 version amendée», «…leurs partenaires…» no tokony ho izy fa tsy «…leur partenaire…».
Ao amin'ny pejy faha-14, andalana faha-4 ao amin'ny «article 18 version amendée», UEPESRS no tokony ho izy fa tsy UEPESR. Izany hoe nisy «S» hadino tao.

Taorian'izay, nilaza Andriamatoa RASOLONIAINA Robert, fa mbola manana fanamarihana mikasika ny tatitra, ka nomen-dRamatoa Filoha fitenenana. Nambarany tamin'izany fa tokony hamboarina kely ny fehezan-teny faha-2 ao amin'ny «article 7 version originale", pejy faha-8, fa toa hafahafa ny teny hoe "lorsque qu'une université…". Tsy fantatra hoe inona no tokony ho eo sy ny tena marina.
Namaly Andriamatoa REVELONIRINA Sammy Gregoire, rehefa nomen-dRamatoa Filoha fitenenana, fa io tokoa no "version originale" saingy efa nosoloina izany tao amin'ny "alinéa 2 version amendée" satria tsy ny oniversite ihany no voafaritra fa ny UEPESRS rehetra.

Rehefa tsy nisy nanao fanamarihana sy fanitsiana ny tatitra intsony ny Solombavambahoaka sy ny solotenan'ny Governemanta dia nomen-dRamatoa Filoha fitenenana ny Solombavambahoaka nanolotra ny Tolo-dalàna.

Nambaran-dRamatoa RASOAZANANERA Marie Monique Ernestine, fa mbola tohin'ny «décision n°10-HCC/D3 du 3 juillet 2020» mikasika ny rijan-teny izay manome sata ny Oniversite sy ireo toeram-pampianarana ambony ity Tolo-dalàna ity. Nambarany hatrany fa manana ny sata manokana mifehy azy avy ireo Oniversite ireo ary manana "mission" amin'ny fikarohana sy famolavolana ireo olona ho lasa "cadre et elite" eto amin'ny firenena ka tsy maintsy manana paikady ireo Oniversite ireo satria ny fikarohana no mitarika mankany amin'ny fandrosoana sy fampandrosoana. Nilaza koa izy fa miatrika fifaninana maneran-tany ny Oniversite, ka ilaina ny fikarohana.
Miparitaka loatra ny fitantanam-bola any amin'ny Oniversite, ka tsy maintsy ampitoviana avokoa ny fomba fitantanana sy ny fomba fikirakirana izany eny amin'ireny Oniversite ireny mba hisian'ny mangarahara.

Mikasika ny fampidirana mpampianatra-mpikaroka na mpikaroka-mpampianatra, matetika ny Minisitry ny Tetibola sy ny Minisitry ny Fampianarana Ambony no mibaiko ny fampidirana azy ireny kanefa ny ao amin'ny "Collège des Enseignants" no tena mahafantatra ny fepetran'ny olona tokony horaisina. Ny tanjona amin'izany fanovàna izany dia mba hahazoana ny atao hoe «développement et recherche; enseignement de haut niveau».
Nomarihany koa fa somary sarotra ihany ny hoe hizaka tena ny Oniversite saingy hampiarahina amin'ny "contrôle" ny fitantanana eny satria misy volam-panjakana tafiditra. Tokony hazava tsara amin'izany ny «ressources propres»-n'ny Oniversite sy ireo fanampiana omen'ny fanjakana ho azy mba hampisy mangarahara eo amin'ny fitantanana.

Matetika no mitokona ny SECES, ka mino fa hampilamina azy sy ny mpianatra ity Tolo-dalàna ity satria ny "paix sociale" ihany no ahafahana mandroso.

Fisaorana sy fanentanana ny Solombavambahoaka mba handany ity Tolo-dalàna ity no namaranan-dRamatoa RASOAZANANERA Marie Monique Ernestine, ny fandraisam-pitenenany.

Rehefa avy nisaotra azy tamin'ny famelabelarana narosony, Ramatoa Filoha dia nanome fitenenana an-dRamatoa Minisitra indray.

Nanao satroka Ramatoa RAZAFIMANANTSOA Lobo Hanitriniaina ka nomen-dRamatoa Filoha fitenenana.
Nambarany fa nisy taratasy nalefan'ny Filohan'ny Oniversite enina tamin'ny 7 Desambra 2020 lasa teo, napetraka tamin'ny Filohan'ny Antenimierampirenena ary nilaza fa tsy ni-"cautioner" ity lalàna ity izy ireo. Nambarany fa na tsy niantefa tany aminy aza io taratasy io, fantany ihany ny tao anatiny. Ekena tokoa fa ilaina ny hamahana ny olana eny amin'ny Oniversite na ny SECES izany na ny mpianatra, saingy tsara kokoa raha tena milamina ny olona rehetra voakasik'io Tolo-dalàna io.
Raha ny voalazan'ny Solombavambahoaka nanolotra ny Tolo-dalàna dia hampilamina ny Onivesite izy ity kanefa raha ny "recommandation" hita tamin'ny taratasy nalefan'ny Filohan'ny Oniversite enina indray dia lasa misalasala ny tenanay. Tsy mifanaraka ve izany ianareo amin'ity Tolo-dalàna ity sa ahoana.

Nilaza, Ramatoa Filoha, fa mbola hisy fanazavana avy amin'ny Ramatoa Minisitra avy eo, ka aorian'izay vao miditra amin'ny adihevitra ankapobeny ny mpivory ary afaka mandray fitenenana ny Solombavambahoaka amin'izay fotoana izay.
Nambarany koa, fa efa voaray ny fanontaniana teo ka aorian'ny fanazavana ataon-dRamatoa Minisitra no hamaliana azy.

Rehefa izany, nomen-dRamatoa Filoha, fitenenana Ramatoa Minisitra mba ahafahany manome fanampim-panazavana mikasika ny Tolo-dalàna.

Nambaran-dRamatoa ASSOUMAKOU Elia Béatrice, Minisitry ny Fampianarana Ambony sy ny Fikarohana Siantifika, fa Tolo-dalàna natao hanatsarana ny fiaim-piainana sy ny tontolon'ny Oniversite ity Tolo-dalàna ity.
Anisan'ny zava-dehibe ao anatin'izany ny fizakan-tenan'ireo Oniversite sy ireo sampam-pianarana ambony rehetra. Ny tanjona amin'izany dia mba ahafahana miasa ankalalahana ao anatin'ny tontolo milamina, mba hananana kalitao tsara sy mifanaraka amin'ny toetr'andro ho an'ny fampianarana, ka ahafahana manenjika ny zava-misy eran-tany amin'ny sehatry ny fampianarana ambony sy ny fikarohana ara-tsiansa.

Mikasika ny "franchise universitaire", voakasik'izany avokoa ny sampam-pianarana misy rehetra eo anivon'ny fampianarana ambony sy ny fikarohana ara-tsiansa izany.

Nampahatsiahy izy fa anisan'ny velirano nataon'ny Filohampirenena koa ny fametrahana fitantanana mazava momba ny volam-panjakana sy ny fangaharaharana, ka izany no ampiharina amin'ny volam-panjakana halefa eny amin'ny Oniversite.
Nambarany fa voafaritra mazava tsara amin'ity Tolo-dalàna ity avokoa ny mikasika ny fitantanana ny vola miditra amin'ny Oniversite, ny mikasika ny fifidianana ny mpitantana, ny fanesorana ny mpitantana raha misy hadisoana lehibe vitany na fametraham-pialana ataony, ny mikasika ny zo fototra ijoroan'ny Oniversite.

Nambaran-dRamatoa Minisitra, fa ny Minisitera dia misolotena ny Governemanta ary maneho hevitra sy manome tolo-kevitra rehefa misy tolo-dalàna toy izao. Nisy ny fampiantsoana natao tamin'ireo olona rehetra voakasik'izany. Tamin'ny Zoma lasa teo no natao izany fakan-kevitra izany, ireo teto an-toerana dia natao teny amin'ny Minisitera, ireo somary lavitra kosa, natao tamin'ny alalan'ny "visio-conférence". Nanatrika izany avokoa ireo Oniversite enia ary hita any amin'ny tatitra izany. Nanatrika teo koa ireo sehatra rehetra voakasik'ity Tolo-dalàna ity.

Rehefa avy nisaotra an-dRamatoa Minisitra, Ramatoa Filoha, tamin'ny fanazavana narosony dia nomeny fitenenana ny Filohan'ny SECES.

Namaly Andriamatoa Filohan'ny SECES, fa tsy manan-kambara mikasika ny Tolo-dalàna intsony, fa hamaly ny fanontaniana napetraky ny Solombavambahoaka teo raha azo atao.

Rehefa izany, nilaza Ramatoa Filoha, fa aorian'ny fandraisam-pitenenan'ny Solombavambahoaka vao mamaly fanontaniana.

Taorian'izay, nanome fitenenana ny Solombavambahoaka ny tenany.

Andriamatoa FIAROVANA Lovanirina Celestin, rehefa nomena fitenenana dia nilaza fa nanatrika ny Asam-baomiera ary nangataka ny hanemorana azy satria ireo olona nilaza fa solotenan'ny Filohan'ny Oniversite 6 eto Madagasikara dia tsy nahitana taratasy manaporofo izany. Taty aoriana anefa, nasiana "visio-conférence" ka azo avokoa ny hevitra avy tamin'ireo Oniversite 6. Noho izany, resy lahatra ny tenany amin'ity Tolo-dalàna ity, ka nangataka ny handaniana azy.

Andriamatoa ANDRIAMAMPANDRY Todisoa Manampy kosa nanambara fa matoa nisy taratasy avy tamin'ny Filohan'ny Oniversite toy ireny dia misy antony ao. Noho izany, nanentana ny roa tonta ny tenany mba hifanatona rehefa lany ity Tolo-dalàna ity satria mbola tsy maintsy miara-miasa foana izy ireo. Nambarany fa mankasitraka ity Tolo-dalàna ity ny tenany.

Taorian'izay, nomen-dRamatoa Filoha, ny Solombavambahoaka nanolotra ny Tolo-dalàna ny fitenenana, mba ahafahan'izy ireo mamaly ny fanontaniana.

Ramatoa RASOAZANANERA Marie Monique Ernestine no nandray fitenenana ary nilaza fa hita ao anatin'ny "fiche de présence" avokoa ireo olona nanatrika ny fihaonana tamin'ny Zoma lasa teo. Nambarany koa fa nanana "représentant" avokoa ny Oniversite rehetra.

Rehefa izany, nomen-dRamatoa Filoha, fitenenana ny solotenan'ny Governemanta mba hamaliany ny fanontaniana.

Nilaza Ramatoa ASSOUMAKOU Elia Béatrice, Minisitry ny Fampianarana Ambony sy ny Fikarohana Siantifika, fa tsy manao zanak'Ikialahafa ny Minisitera ary mametraka amin'ny toerana tokony hisy azy avy ny Oniversite tsirairay sy ny Filohany. Efa nalaina avokoa ny hevitry ny Oniversite rehetra tamin'ny nanaovana ity Tolo-dalàna ity, ka ny fivoriambe

tamin'ny Zoma lasa teo no nandravonana ireo hevitra sy fanamarihana rehetra nataon'izy ireo.

Taorian'izay, nomen-dRamatoa Filoha, fitenenana ny Filohan'ny SECES.

Anisan'ny sarotiny amin'ny fampianarana sy ny hasin'ny Oniversite ny SECES, hoy Andriamatoa REVELONIRINA Sammy Gregoire, Filohan'ny SECES raha nandray fitenenana ary tsy nanao ankilabao ny Filohan'ny Oniversite izy ireo, fa mety nisy "information" tsy hita angamba no nahatonga iny taratasy iny.

Nanao satroka, Andriamatoa VELONTSARA Paul Bert, ka nomen-dramatoa fitenenana. Nilaza izy fa efa maty paik'andro ny taratasy tonga teto amin'ny Antenimierampirenena ny Zoma lasa teo saingy mbola noraisina ihany izany. Rehefa tonga ny fotoana hanatsarana ity Tàlo-dalàna ity amin'ny manaraka, hampidirina ihany izany raha izay no mahatsara ny Oniversite.

Mikasika ny "franchise Universitaire", efa novoaboasana tsara izany ary resy lahatra ny tenany fa hahasoa ny Oniversite sy ny zanaka Malagasy rehetra ity Tolo-dalàna ity.

Rehefa tsy nisy nandray fitenenana intsony ny mpivory, nilaza Ramatoa Filoha, fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny Tolo-dalàna ny mpivory.

Nampahatsiahy, Ramatoa Filoha, fa ahitana Lohateny miisa-4 ity Tolo-dalàna ity ary misy andininy miisa-28.

Lohateny: lany nasiam-panovàna.
Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 18 no nandany, tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha fa lany ny Lohateny voalohany.

Andininy voalohany: lany nasiam-panovàna.
Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 18 no nandany, tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha fa lany ny andininy voalohany.

Andininy faha-2: lany nasiam-panovàna.
Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 18 no nandany, tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha fa lany ny Andininy faha-2.

Andininy faha-3: lany nasiam-panovàna.
Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 18 no nandany, tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha fa lany ny Andininy faha-3.

Andininy faha-4: lany nasiam-panovàna.
Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 18 no nandany, tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha fa lany ny Andininy faha-4.

Andininy faha-5: lany nasiam-panovàna
Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 18 no nandany, tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha fa lany ny Andininy faha-5.

Andininy faha-6: lany nasiam-panovàna.
Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 18 no nandany, tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha fa lany ny Andininy faha-6.

Andininy faha-7: lany nasiam-panovàna.
Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 18 no nandany, tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha fa lany ny Andininy faha-7.

Lohateny faha-2: “DE L’AUTONOMIE ADMINISTRATIVE ET FINANCIERE DES UNIVERSITES”: lany tsy nasiam-panovàna sy tsy nasiam-panitsiana.
Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 18 no nandany, tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha fa lany ny Lohateny faha-2.

Andininy faha-8: lany nasiam-panovàna.
Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 18 no nandany, tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha fa lany ny andininy faha-8.

Andininy faha-9: lany nasiam-panovàna.
Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 18 no nandany, tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha fa lany ny andininy faha-9.

Andininy faha-10: lany nasiam-panovàna.
Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 18 no nandany, tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha fa lany ny andininy faha-10.

Andininy faha-11: lany nasiam-panovàna.
Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 18 no nandany, tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha fa lany ny andininy faha-11.

Andininy faha-12: lany nasiam-panovàna.
Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 18 no nandany, tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha fa lany ny andininy faha-12.

Andininy faha-13: lany nasiam-panovàna (Jereo tovana).
Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 18 no nandany, tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha fa lany ny andininy faha-13.

Andininy faha-14: lany nasiam-panovàna.
Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 18 no nandany, tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha fa lany ny andininy faha-14.

Andininy faha-15: lany nasiam-panovàna (Jereo tovana).
Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 18 no nandany, tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha fa lany ny andininy faha-15.

Andininy faha-16: lany nasiam-panovàna.
Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 18 no nandany, tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha fa lany ny andininy faha-16.

Andininy faha-17: lany nasiam-panovàna.
Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 18 no nandany, tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.
Nambaran-dRamatoa Filoha fa lany ny andininy faha-17.

Andininy faha-18: lany nasiam-panovàna.
Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 18 no nandany, tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha fa lany ny andininy faha-18.

Andininy faha-19: lany nasiam-panovàna.
Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 18 no nandany, tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha fa lany ny andininy faha-19.

Lohateny faha-III: «DE L'AUTONOMIE PEDAGOGIQUE ET SCIENTIFIQUE DES UNIVERSITES»: lany nasiam-panovàna.
Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 18 no nandany, tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha fa lany ny Lohateny faha- III.

Andininy faha-20: lany nasiam-panovàna.
Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 18 no nandany, tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha fa lany ny andininy faha-20.

Andininy faha-21: lany tsy nasiam-panovàna sy tsy nasiam-panitsiana.
Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 18 no nandany, tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha fa lany ny andininy faha-21.

Andininy faha-22: lany tsy nasiam-panovàna sy tsy nasiam-panitsiana.
Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 18 no nandany, tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha fa lany ny andininy faha-22.

Andininy faha-23: lany nasiam-panovàna.
Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 18 no nandany, tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha fa lany ny andininy faha-23.

Andininy faha-24: lany nasiam-panovàna.
Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 18 no nandany, tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.
Nambaran-dRamatoa Filoha fa lany ny andininy faha-24.

Andininy faha-25: lany nasiam-panovàna.
Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 18 no nandany, tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha fa lany ny andininy faha-25.

Lohateny faha-IV: "DISPOSITIONS FINALES": lany nasiam-panovàna
Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 18 no nandany, tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha fa lany ny lohateny faha-IV.

Andininy faha-26: lany nasiam-panovàna.
Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 18 no nandany, tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha fa lany ny andininy faha-26.

Andininy faha-27: lany nasiam-panovàna.
Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 18 no nandany, tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha fa lany ny andininy faha-27.

Andininy faha-28: lany tsy nasiam-panovàna sy tsy nasiam-panitsiana (Jereo tovana).
Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 18 no nandany, tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha fa lany ny andininy faha-28.

Taorian'izay, nambaran-dRamatoa Filoha, fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra amin'ny ankapobeny mikasika ny Tolo-dalàna laharana faha-007-2020/PL "fixant le régime d'autonomie des universities" ity ny mpivory, ka ny Andininy faha-90 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no hampiharina amin'izany.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 18 no nandany, tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha fa lany ny Tolo-dalàna laharana faha-007-2020/PL « fixant le régime d'autonomie des universités ».

Taorian'izay, nomen-dRamatoa Filoha, fitenenana ny Solombavambahoaka nanolotra ny Tolo-dalàna.

Nambaran-dRamatoa RASOAZANANERA Marie Monique Ernestine, fa faly ny tenany tamin'ny fahalanian'ity Tolo-dalàna ity, ka nisaotra ny Solombavambahoaka tamin'ny fahatanterahan'izany ny tenany.
Nisaotra an-dRamatoa Filoha sy ny fitondram-panjakana ihany koa izy tamin'ny fahatokisana sy fanampiana azy ireo tamin'ny fanolorana ity Tolo-dalàna ity tamin'ny nahafahana nanolotra azy teto amin'ny Antenimierampirenena.

Rehefa izay, nisaotra ny Solombavambahoaka sy ny solotenan'ny Governemanta tonga nanatrika ny fivoriana, Ramatoa Filoha ary nirary soa ho azy ireo mba hahatontosa ny asa mankadiry nampandraiketina azy ireo.

Taorian'izay, nampahatsiahy ny fandaharam-potoana manaraka, izay fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra mikasika ny Tolo-dalàna laharana faha-002-2020/PL "modifiant et complétant la Loi n°88028 du 16 décembre 1988 tendant à represser le vol de vanille" natolotry ny Solombavambahoaka MICHELLE Bavy Angelica, Ramatoa Filoha. Nomarihany fa Filoha Lefitry ny Antenimierampirenena teo aloha izy kanefa voatendry ho Minisitra, ka ny Solombavambahoaka RASIDIMANANA, voafidy tao amin'ny Distrikan'i Manakara no nomeny fitenenana hanolotra ny Tolo-dalàna.
Nambaran-dRamatoa Filoha koa fa misy Tolo-dalàna laharana faha-005-2020/PL « portant réorganisation de l'exploitation de la filière de la vanille » natolotry ny Solombavambahoaka DINAH Romual, ka nentaniny ireo Solombavambahoaka mba ho tonga mavitrika amin'ny fanatrehana ny fivoriana.

Nanao satroka, Andriamatoa DJAOSERA Irénée ka nomen-dRamatoa Filoha fitenenana.
Nilaza izy fa nivory tao amin'ny Asam-baomiera, ka mbola hisy fanitsiana hatao mikasika io Tolo-dalàna voalazan-dRamatoa Filoha teo aloha io. Nambarany fa mbola tsy fantatra mazava ny daty handinihana azy kanefa tsy maintsy amin'ity fotoam-pivoriana ity no anatanterahana izany.

Talohan'ny hiatoan'ny fivoriana, namaly Ramatoa Filoha, fa tsy maintsy amin'ny alalan'ny fivoriambe ihany koa no ahafahana mandray fanapahan-kevitra momba ny hahemorana na tsia ny fandinihana ireo Tolo-dalàna ireo.

Niato tamin'ny 3 ora sy 55 minitra, tolak'andro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Ramatoa Filoha.

Nitohy tamin'ny 5 ora sy 5 minitra, hariva, indray ny fivoriana.

Ramatoa RANAZANAMAHASOA Christine Harijaona, Filohan'ny Antenimierampirenena no nitarika ny fivoriana.

Niroso tamin'ny fandaharam-potoana manraka ny mpivory dia fivoriambe handinihana sy handraisana fanapahan-kevitra mikasika ny Tolo-dalàna laharana faha-002-2020/PL

«modifiant et complétant la loi n°88-028 du 16 Décembre 1988 tendant à renforcer la répression des vols de vanille, présentée par l'ancienne Députée BAVY Michelle Angelica, ancienne Vice-Présidente de l'Assemblée Nationale, reprise par le Député RASIDIMANANA, élu à Manakara», sy ny «Proposition de loi n°005-2020/PL portant réorganisation de l'exploitation de la filière de la vanille, présentée par le Député DINAH Romual, élu à Marontsetra».

Tsy teto antoerana ny Solombavambahoaka roa mpanolotra ny Tolo-dalàna araka ny fampilazana nataon'izy ireo ka naneho fialan-tsiny mikasika izany izy ireo.

Nanao satroka ny Solombavambahoaka DJAOSERA Irénée voafidy tao Analalava, ka nilaza fa efa nisy fivoriana natao niarahana tamin'ny vaomiera sy ny teknisiana nandinihana io Tolo-dalàna io, ka nahatsapana fa tokony hasiana fanatsarana izy noho ny mahazava-dehibe ny «filière la vanille» eto Madagasikara.
Nambarany tamin'izany koa, fa tokony hisy «atélier» hiarahana hanatsarana sy handaminana ny resaka lavanila eto amintsika.

Mangataka ny hanemorana ny handraisana fanapahan-kevitra mikasika io Tolo-dalàna io ny tenany kanefa hatao mandritra izao fotoam-pivoriana izao ihany.

Taorian'izay, niroso tamin'ny fandraisana fanapahan-kevitra momba ny Tolo-dalàna laharana faha-002-2020/PL ny mpivory, ka Solombavambahoaka miisa 10 no nandany fa hahemotra ny fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra momba ny Tolo-dalàna; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa haverina any amin'ny Vaomiera ny Tolo-dalàna hanaovana fandaminana.

Niroso tamin'ny fandraisana fanapahan-kevitra amin'ny hampidirana ny fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra momba ny Tolo-dalàna ato anatin'ny fivoriana ara-potoana ny mpivory.
Rehafa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 10 no nandany, tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha fa hampidirina amin'izao fivoriana ara-potoana izao ihany ny fandinihana ny Tolo-dalàna.

Niroso tamin'ny fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny Tolo-dalàna laharana faha-005-2020/PL «portant reorganization de l'exploitation de la filière vanille, présentée par le Député DINAH Romual, élu à Maroantsetra" ny mpivory.

Noho ny fisian'ny volavolam-pandaharam-potoana vaovao mikasika ny asa mbola tsy vita nandritra ny fivoriana ara-potoana, nanan-kambara tamin'izany, Andriamatoa DJAOSERA Irénée ary nanamafy fa tokony hampidirina amin'izany ny handinihana ny Tolo-dalàna efa tapaka teo aloha momba ny lavanila.

Rehefa izany; nanontany, Ramatoa Filoha, amin'ny fahavononan'ny mpivory na tsia mikasika ny hanaovana asam-baomiera.
Namaly ny Solombavambahoaka fa vonona izy ireo amin'ny lahadinika rehetra izay hatao. Tapaky ny rehetra fa ny Alatsinainy 14 Desambra 2020 no hatao ny asam-baomiera ary ny Alarobia 16 Desambra 2020 amin'ny 6 ora, hariva, kosa no hanaovana ny fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra mikasika ny sehatry ny lavanila eto amintsika.

Rehefa izany; niditra tamin'ny fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny fanitsiana ny volavolam-pandaharam-potoana ny mpivory.

Taorian'ny tsangan-tànana natao, Solombavambahoaka miisa 10 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha fa lahadinika vaovao no hampiharina amin'ny fivoriana manaraka.

Niato tamin'ny 5 ora sy 20 minitra, hariva, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Ramatoa Filoha.

NY FILOHA

RAZANAMAHASOA Christine Harijaona